

Fiainana ao amin'ny Zanaka

Nampamarinina tamin'ny alalan'ny finoana aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Amin’ny fametrahana ny finoantsika amin’ilay sorona nahafatesan’i Jesosy Kristy, amin’ny famelana Azy hivesatra ny helokantsika, ary amin’ny fandraisantsika, amin’ny finoana, ny Fahamarinany, izay natao ho antsika, dia hohamarinina isika. Ao anatin’izany fahamarinana izany dia afaka miatrika an’Andriamanitra sy ny fahafatesana ary ny mandrakizay tsy misy horohoro aho, tsy misy tahotra.

Nanoratra ny apostoly Jaona ao amin’ny epistiliny voalohany hoe:

> "Ary izao no fanambarany: Fiainana mandrakizay no omen’Andriamanitra antsika, ary ao amin’ny Zanany izany fiainana izany. Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak’Andriamanitra no tsy manana ny fiainana. Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran’ny Zanak’Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay hianareo." (1 Jaona 5:11–13)

Andriamanitra dia nanome fijoroana vavolombelona ho an’ny taranak’olombelona manontolo fa efa Natolony ho antsika ny fiainana mandrakizay. Izany fiainana izany dia ao amin’ny tenan’i Jesosy Kristy, Zanany. Raha mandray an’i Jesosy Kristy isika, dia ao Aminy no nahazoantsika ny fiainana mandrakizay.

Mariho, fa izao no voalaza amin’izao fotoana izao: “Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana”. Tsy zavatra hitranga aorian’ny fahafatesana izany. Izany dia zavatra mitranga ankehitriny, amin'izao tontolo izao. Raha miandry aorian’ny fahafatesana ianao vao hanaiky ny Fiainany, dia efa niandry ela loatra ianao; ho tara loatra. Aravony izao io olana io! Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana. Ataovy azo antoka fa hanana fiainana koa ianao!

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny sorona Nataonao. Manambara aho fa manana ny fiainana ankehitriny, satria

© 2008 - Dries Du Plessis

manana ny Zanaka aho. Manambara aho fa tamin'ny alalan’ny finoana no nanamarinana ahy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-180-MLG
Nohavaozina farany: 13 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

